Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Veillée de prière jeudi 28 janvier 2021

Thème : La puissance de Jésus en actes
Texte : Marka 5.1-43

Fiharabana Apostolika

FFPM790/1,3
1. Jeso ô, Sakaiza tsara!
Be ny fitiavanao;
Tsy mba misy voarara
Tsy hihavana Aminao;
:,: Mahagaga:,:
Ny haben'ny antranao.

3. Jeso ô, Mpamonjy mora!
Manampia, mamonje,
Fa isan'andro, isan'ora
Misy fahavalo be
:,: Izay mamely;:,:
Ka harovanao anie!

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM639/1
1. Ry miaramila! Mandrosoa izao,
Kristy Kapiteny mialoha anao;
Ao aloha tafika, loza, ratra be,
Fitsaharana tsy misy, misikina re.

Fiv : Ry miaramila! Mandrosoa izao
Kristy Kapiteny mialoha anao.

Fampidirana

FFPM639/2
2. Any lehy ratsy no manotrika,
Any ny tsipika no milatsaka;
Tano ny finoana ho ampinganao
Entonao ho fandresena Izao
rehetra izao:
Ry miaramila! sns…

Vakiteny 1 : Marka 5.1-20

Fanazavana fohy

FFPM639/3
3. Aza miamboho na miherika,
Ao an-tratranao ny fiarovana;
Aza mba matahotra, fa sahia
fandrao
Raha tsy mandresy, dia ho resy hianao;
Ry miaramila! sns…

Vavaka isan-tokantrano
- Mivavaka isika ho an'ireo voagejan'ny fanahy maloto.
- Mivavaka ho an'ireo izay mba te hiala amin'ny fahazaran-dratsy fa tsy afaka.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Marka 5.21-24

Fanazavana fohy

FFPM639/4
4. Dia mandrosoa hianao izao
Ka miraisa dia aminay ho ao
Milofosa fatratra, aza ketraka,
"Miadia ny ady tsaran'ny
Finoana"
Ry miaramila! sns…

Vavaka isan-takantrano
- Vavaka ho an'ny marary, ny azon'ny manjo, tsy manan-kialofana, tsy manan-kohanina.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Marka 5.25-34

Fanazavana fohy

FFPM639/5
5. Kristy Kapiteny tapitra ohatra,
Izy no mpiaro ny mpanafika;
Miankina aminy mafy hianao,
Ka aza mba ny tenanao no
itokianao:
Ry miaramila! sns…

Vavaka isan-tokantrano
- Mba hanana finoana marisika hanatona ny Tompo hitady fanasitranana.
- Mivavaka ho an'ny Fiangonana sy ny firenena.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Marka 5.35-43

Fanazavana fohy
FFPM310/1
1. Misy maro ao an-tsaha mitaraina,
Ka ento ny Jiro mba hankao,
Tsy mba misy atoandro na maraina,
Fa maizina re ny ao;
Indro olo-maro be
No maniry mafy hoe:
Mba midina mankaty,
Itondray Baiboly re
Izy ireo fa ta-handre
An'i Kristy Tompo soa.

Fiv : "Mandehana", hoy ny Tompo, "mandehana
Ho amin'izao tontolo izao".
Mitsangàna ary, eny, mitsangàna
Fa izy no homba anao.

Vavaka isan-tokantrano
- Vavaka malalaka.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Fehiny :
Marka 16.19-20 ; Matio 18.18

“Ary Jesosy Tompo, rehefa niteny taminy, dia nampiakarina ho any an-danitra ka nipetraka eo an-kavanan’ Andriamanitra. Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitori-teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin’ ny famantarana izay nomba azy.
Lazaiko aminareo marina tokoa: Na inona na inona fehezinareo etỳ ambonin’ ny tany dia hofehezina any an-danitra; ary na inona na inona vahanareo etỳ ambonin’ ny tany dia hovahana any an-danitra. »

FFPM310/2,3

2. Mandehana mba hitarika ny jamba,
Mba ampifalio ny ory fo;
Ny mahantra ilazao fa misy lamba
Tsy miova, tsy mety lo;
Jeso Mofon’aina soa,
Sady Ranon’aina koa,
Asehoy ho hitany,
Tena Andriamanitra,
Tompo tao an-danitra,
Ambarao ho fantany:
“Mandehana”, sns…

3. Mandehana hanatanjaka ny osa,
Omeo toky re ny ketraka;
Ny anjaranao, ataovy ho tontosa,
Ka aza dia reraka,
Mandehana hianao,
Ka vitao ny asanao,
Fa ny tambinao ary,
Mbola any ihany re
ny handraisan-tamby be,
Dia rehefa tsy ety;
“Mandehana”, sns…

Tsodrano

Ary ho an’ izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika, ho Azy anie ny voninahitra ao amin’ ny fiangonana sy ao amin’ i Kristy Jesosy hatramin’ ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena.